

FENO FIDERANA

Misaotra anao izahay fa notiavinao e
Fiderana no enti-misaotra ny anaranao e
Ny hafalianay no indro asehonay
Ka misaotra anao ry Rainay o

Feno fiderana anao izahay ry Ray o
Misaotra anao e
Noho ny soa sesehena zay nafafinao anay
Misaotra anao e

Fitsimbinana hatrany natolotrao anay
Misoatra anao e
Fanehoam-pisaorana no iarahanay mihira
Ka misaotra anao e